Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# FAMPIANARANA SAP/KNPL Alarobia 23 Janoary 2019 – NY CONFIRMATION (tohiny) –

***Rev. Dr Jean A. RAVALITERA***

## ① VOAMBOLANA FAMPIASA AO AMIN'NY FIANGONANA MOMBA NY KONFIRMASIONA

☛ Ny teny hoe ***« Konfirmasiona »*** dia voambolana fampiasa eo amin'ny Fiangonana Katolika Romana. Ny teny hoe « Confirmation », araka ny fampiasan'ny Katolika azy, dia tsy midika akory, araka ny hevitra mahazatra omena io teny io amin'ny teny frantsay, hoe « manamafy », satria ara-potokevitra dia.tsy hoe fanamafisana ny Batisa no hatao eo amin'ny Konfirmasiona, satria efa mazava sy hentitra ny hevitry ny batisa, fa ny teny fototra hoe « confirmare » nakana ny hoe « Confirmation », teny latina fampiasa taty aoriana (latin tardif), dia manana hevitra somary noalefahana hoe « mameno » (compléter). Io « fameno »-n'ny batisa, atao amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana sy fanosorana « menaka masina » (Sainte chrême) ataon'ny Eveka, na ny pretra omeny fahefana manokana io, dia manambara ny asan'ny Fanahy masina ao amin'ny fiainan'ny Kristiana sy ny Fiangonana. *Ny Alakamisy masina no tena fotoana natokana hanaovana fanamasinana ny menaka masina, (eo am-panokafana ny antsoina hoe « Tridum pascal »), fa matetika dia aroson'ny Eveka amin'ny andro mialoha izany, mba tsy hanelingelenana ny Fahatsiarovana ny nanorenan'ny Tompo ny Fanasan'ny Tompo. Ny menaka masina dia ampifangaroina amin'ireto: lavande, serpolet ary romarin. Misy fomba manokana arahina amin'ny fanamboarana izany menaka masina izany (rite à part entière), izay atao mandritra ny fanamboarana mihitsy ilay menaka, na atao eo aloha : rehefa voatambatra ireo ingrédients samihafa anaovana ny menaka masina (« Sainte Chrême), dia mitsoka ilay menaka ny Eveka (l'évêque souffle sur le chrême), tahaka ny nanomezana fofonaina mahavelona, ary mangataka ny mba hirotsahan'ny herin'ny Fanahy Masina hanamasina ny menaka. Ny antsoina hoe « Triduum pascal » dia izay mampahatsiaro ny zava-nitranga nandritra ny fotoana heverina ho nihaonan'i Kristy tamin'ny Rainy, nandritra ny Paska. Tsarovan'ny Kristiana ireo andro telo, manomboka ny harivan'ny Alakamisy kamitphy amin'ny ndron'ny Zoma manontolo mandra-pandevina nyTompo, dia ny fiaretan-tory ny alin'ny Asabotsy miandry ny Fitsanganan'ny Tompo, ary miafara amin'ny marainan'ny Alahady nitsangann'ny Tompo tamin'ny maty. Ny fotoana hitsofan-drano sy hanamasinana ny menaka masina ho an'ny marary sy ny Katekomena, matetika aroso ny Alatsinainy na Talata mialoha ny Alakamisy masina, dia antsoina hoe « messe chrismale »*

*Marihina fa amin'ny Katolika Romana dia* ***Sakramenta ihany koa ny « Ordinasiona » na « Filaharana masina » (Ordination), tahaka ny Batisa, ny Konfirmasiona, ny Sakramentan'ny Fampihavanana (Réconciliation) na Konfesy, ny Mariazy, ary ny Sakramentan'ny marary (Fanosorana farany).*** *Eo amin'ny Ordinasiona, aorian'ny Fametrahan-tanana fanomezam-pahefana sy vavaka fanokanana aton'ny Eveka ho an'ilay atokana ho ao amin'ny Filaharana masina, dia araraky ny Eveka ao anaty tanan'ilay pretra atokana ny menaka masina, mifangaro zavamanitra, antsoina hoe « Sainte chrême ». Fanomezana ny Fanahy masina hanome hery sy fahefana ilay pretra io izany, mba hahafahany ihany koa manamasina ny vahoaka kristiana. Isan-taona ny Eveka dia manamasina menaka manitra, mandritra ny lamesa manokana atao hoe « Messe chrismale ». Tsy ny fametrahan-tanan'ny Eveka « dimbin'i Masindahy Piera » ihany akory no fanokanana maha-pretra ny pretra, fa indrindra koa io fanosorana menaka voahasina ny tanany io. Hosotra tsy azo fafana (onction indélebile) izany.*

Ny Fiangonana Loterana dia mampiasa ihany koa ny voambolana hoe « Konfirmasiona », na dia tsy mitovy aza ny hevitra fonosiny amin'ny Katolika sy ny Loterana. Ho an'ny Loterana, sy ny Fiangonana Protestanta amin'ny ankapobeny, ny tovolahy na tovovavy, rehefa avy nampianarina sy nandalina ny finoany, dia « manamafy ampahibemaso ny « fanekena » sy « faniriana » teo amin'ny nanaovam-batisa azy, ka miroso ho amin'ny Fandraisana ny Fanasan'ny TOMPO (*confirme publiquement le vœu de son baptême et est admis à la communion*). Voambolana fampiasa matetika, eo anivon'ny Protestanta, fa indrindra ny Réformés tany Madagasikara, ny hoe ***« Katekomena »*** *(catéchumène)*, avy amin'ny teny latina hoe *catechumenus*, nalaina avy amin'ny teny grika tranainy hoe κατηχούμενος / *katêkhoúmenos*, nalaina tamin'ny verbe κατηχέω (κατ-ηχέω) / *katêkhéô*, midika hoe « mampaneno ao an-tsofina » (faire retentir aux oreilles), ka ny hevitra mitatra dia hoe «mampianatra amin'ny feo mafy » (instruire de vive voix). Raha ny tarazo kristiana tranainy, ny Katekomena dia olona mbola tsy vita batisa mihitsy, fa mianatra ny batisa mba hatao batisa. Enti-manondro ny fotoana hianarana sy hiandrasana ny fanaovam-batisa ny hoe « cathécuménat », nadikantsika hoe « mianatra katekomena ». Tany Madagasikara no nahazoana izany voambolana nampiasaina izany, satria natao batisa avy hatrany ny olona raha vao niova fo, vao izay indray vao nampianarina. Taty aoriana dia nafindra tamin'ny olona natao batisa teo amin'ny fahazazany izany, ka raha ny ray aman-dreniny sy ny « mpiantoka » no nanao fanekena teo amin'ny nanaovam-batisa azy, ampianarina ny hevitry ny batisa kosa izy rehefa mahatsiaro saina, mba « handraisany ho an'ny tenany » izay fanekena natao ho azy izay.

Ny Fiangonana Ortodoksa kosa dia tsy mampiasa ny voambolana hoe «Confirmation», fa ny hoe ***« Chrismation »,*** avy amin'ny Sainte chrême, menaka manitra nohamasinina. Ny Eveka na ny pretra efa voatokana ihany no manatanteraka ny fanaovana Konfirmasiona (tahaka ny Katolika), ary ampiasainy ny menaka masina, « ilomanitra » ahosotra eo amin'ilay manaiky ny batisa ary mirotsaka ho isan'ny Fiangonana. Ao amin'ireo Fiangonana kristiana any Atsinanana (Église d'Orient) izay Ortodoksa ny ankamaroany, dia manaraka ny batisa no

anaovan'ny Pretra ny fanosorana menaka voahasina (Chrismation). Avy hatrany dia hatao Konfirmasiona ny olona vita batisa ary mandray ny Fanasan'ny Tompo avy hatrany izy. Rehefa avy natao batisa ka faohana amin'ny lamba famaohana ilay natao batisa, dia ampiakanjoin'ny Pretra ny akanjo fiakanjoana amin'ny fanaovam-batisa izy ary hosorana menaka voahasina (sainte chrême) eo amin'ny handriny sy ny masony, ny orony sy ny vavany ary ny sofiny, ny tratrany sy ny tanany ary ny tongony, ary miteny aminy ny Pretra hoe : « Raiso ny mariky ny Fanahy Masina ». Avy eo dia entin'ny pretra mihodidina intelo ny toerana fanaovam-batisa (baptistère) ilay natao batisa. Nomena lanja tamin'ny Fiangonana tany Atsinanana, nanomboka hatramin'ny taonjato faha-4 ny fanosorana menaka masina, ary sakramenta manaraka ny batisa izany, ao anatin'ny hoe « *initiation chrétienne* ». Satria manaraka avy hatrany ny batisa ny « chrismation » dia ny pretra manao batisa ihany no manatanteraka izany, fa ny Eveka irery ihany no manamasina ny mena ahosotra (myron) eo amin'ny Sakramenta.

➡ Efa voalaza tamintsika tamin'ny fampianarana nataon'ny VFL teo aloha, fa **tsy Sakramenta akory ny Confirmation amintsika Protestanta.** Tsy mitovy ny fampianarana foto-pinoana eo amin'ny Katolika Romana sy amintsika, fa amin'izy ireo, araka ny Article 1285 du Catéchisme de l'Église Catholique, dia atambany ka tsy azo sarahina ao anatin'ny hoe ***«Sacrements de l'initiation chrétienne»,*** io Konfirmasiona io, miaraka amin'ny Batisa sy ny Eokaristia. Ampianariny fa ***amin'ny alalan'ny «Sakramentan'ny Konfirmasiona» dia mihalalina sy mihatsara kokoa ny fifandraisan'izay natao batisa amin'ny Fiangonana***, ary satria «***notafiana hery bebe kokoa amin'ny fanomezana azy ny Fanahy masina»*** ilay natao Konfirmasiona, dia **voatery bebe kokoa amin'izany sy amporisihina fatratra izy mba hizara sy hampiely ny finoany ka hiaro izany finoana izany amin'ny teny sy ny asa, tena vavolombelon'i Kristy tokoa** *(obligés ainsi plus strictement à répandre et à défendre la foi par la parole et par l'action en vrais témoins du Christ).* Fandre ny teny hoe « Katekomena », fa tsy mitovy ny fampiasana azy eo amin'ny Katolika Romana sy amin'ny Protestanta. *Amin'ny Katolika Romana dia antsoina hoe « Katekomena » ny olon-dehibe nandre momba an'i Jesoa Kristy, ka mangataka amin'ny Fiangonana mba hampahafantatra azy bebe kokoa momba izany Jesoa Kristy izany, ka rehefa resy lahatra dia maniry ho tonga kristiana amin'ny alalan'ny batisa.* Raha lazaina mivantana kokoa, ny « Katekomena », araka ny fampianarana katolika, dia olon-dehibe tsy mbola vita batisa fa mangataka mba hatao batisa, ka manaraka fampianarana mba hiomanana ho amin'izany. Ny Katekomena dia « mianatra ny momba ny batisa ». Maharitra roa taona fara-fahakeliny izany fiomanana izany, ka amin'ny fetin'ny Paska no mifarana. Mandritra ny alina mialoha ny Paska (veillée pascale) dia omena ny Sakramenta telo, *«Sacrements de l'initiation chrétienne»,* ny Katekomena : Batisa, Konfirmasiona, ary Eokaristia. ⬅

☛ ***<u>Ahoana no andraisan'ny havantsika Katolika Romana ny Konfirmasiona ho isan'ny Sakramenta</u> ?*** Miaraka amin'ny Batisa sy ny Eokaristia, voalaza teo fa ny Konfirmasiona dia ao anatin'ireo antsoina hoe « Sakramentan'ny fampidirana na Fanazarana ho Kristiana » *(trois sacrements de l'initiation chrétienne*), izany hoe, ireo Sakramenta izay atao miaraka ireo, dia mikendry mba hahatonga ho tena kristiana feno *(devenir un chrétien à part entière*). Misy hevi-dehibe telo, avy amin'ny fampianaran'ny Fiangonana Katolika Romana, horaisintsika momba izany :

1) Ny «Sakramentan'ny Konfirmasiona » dia enti-manome ho antsika ny fanomezan'ny Fanahy masina (les dons de l'Esprit Saint) mba hanatanjaka antsika

amin'ny finoana ka hahatonga antsika hiaina feno amin'ny finoana Kristiana tafaray amin'i Kristy *(pour nous fortifier dans la foi et nous faire vivre pleinement la vie chrétienne unie au Christ).* Mandrakariva dia **ny Eveka ihany,** na izay **Pretra omeny fahefana manokana,** no manome ny «Sakramentan'ny Konfirmasiona ». Fampidirana feno ilay olona atao Konfirmasiona ao amin'ny Fiangonana izany, ary antso atao aminy mba hirotsaka sy handray andraikitra bebe kokoa ho amin'ny asa misiona fijoroana ho vavolombelon'ny finoany izy.Tahaka ny Batisa, ny Konfirmasiona dia manoritra, ao amin'ny fiainam-panahin'ilay Kristiana atao Konfirmasiona, toetra anaty tsy azo kosehina *(marque spirituelle indélébile qu'on appelle le "caractère")*, noho izany dia indray mandeha monja ihany eo amin'ny fiainana, tahaka ny batisa, no hanaovana Konfirmasiona.

2) Antsoina koa hoe **Pentekostra vaovao** ny fanaovana Konfirmasiona (une nouvelle Pentecôte) : fandraisana hery avy amin'ny fanomezana ny Fanahy masina mba hijoroana ho vavolombelon'ny finoana. Ny Fanahy masina no mahatanteraka ao amin'ireo Konfirmanda (ireo izay miomana handray ny Sakramenta) izay efa nataony tamin'ireo apostoly tamin'ny andro Pentekostra. Ny *Asan'ny apostoly 2/1-11* mitantara ny nilatsahan'ny Fanahy masina tamin'ny andro Pentekostra no vakina rehefa manao Konfirmasiona.

3) Mandritra ny fametrahany tanana eo am-panaovana ny Konfirmasiona, ny Eveka dia mangataka ny mba hanomezan'Andriamanitra ny fahafenoan'ny Fanahy izay tao amin'i Jesoa ho an'ilay atao Konfirmasiona: Fanahin'ny fahendrena, fanahin'ny fahalalana, fanahin'ny fanoloran-kevitra sy fanahin'ny hery, fanahin'ny fahalalana sy fitiavan'ny zanaka, ary fanahin'ny fitsaohana (l'esprit de sagesse et d'intelligence, l'esprit de conseil et de force, l'esprit de connaissance et d'affection filiale et l'esprit d'adoration). Notakarina tamin'izay voalazan'ny mpaminany Isaia momba fanomezana omen'Andriamanitra ny Mesia izany (cf. *Isaia 11/2-3 :* « Fanahin'ny TOMPO no mitoetra eo aminy, dia Fanahy manome fahendrena sy fahaiza-manavaka Fanahy mahay mamolavola sy manatanteraka, Fanahy ahalalana sy anajana ny TOMPO; ary io no hanoro azy ny fanajana ny TOMPO. Tsy hitsara araka ny ivelany fotsiny izy na hanapaka araka izay ren'ny sofiny»). Fa raisin'ny katolika Romana ho fototra hanorenany io « sakramenta » io koa ny nataon'ny apostoly, araka ny *Asan'ny apostoly 1/5* « I Johany dia nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa, rehefa afaka andro vitsivitsy, dia hatao batisa amin'ny Fanahy Masina», sy ny *Asan'ny apostoly 2/38* « Ialao ny toe-dratsy, ary aoka ianareo samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy mba ho voavela heloka, dia handray ny Fanahy Masina fanomezan'Andriamanitra », ary indrindra ny *Asan'ny apostoly 8/14-17* « Ren'ny apostoly tany Jerosalema fa nandray ny tenin'Andriamanitra ny mponina tao Samaria, ka nirahiny hankany i Petera sy i Johany. Rehefa tonga tany Samaria izy roa lahy, dia nivavaka ho an'ny mpino mba handraisany ny Fanahy Masina; satria tsy mbola nisy nilatsahan'ny Fanahy Masina ireo mpino ireo na iray aza, fa vita batisa tamin'ny anaran'i Jesoa Tompo ihany. Dia nametrahan'i Petera sy Johany tanana izy rehetra ka nandray ny Fanahy Masina ».

② ***FA INONA NO ANTSOINTSIKA PROTESTANTA HOE « SAKRAMENTA » (QU'ENTENDONS-NOUS PAR «SACREMENTS») ?*** Ny « Sakramenta » dia

fombam-piteny (un terme) ampiasain'ny Fiangonana mba hilazana ny ***famantarana hita maso*** (signes visibles) maneho ny fahasoavan'Andriamanitra tsy hita maso raisintsika avy amin'ny Tompo Jesoa Kristy (grâce de Dieu invisible que nous recevons du Christ). Ampahatsiarovina antsika fa **ho antsika Protestanta, ny Sakramena ekentsika dia ireo nanafarana sy nobaikoin'ny Tompo Jesoa mba hataon'ny mpianany, ary efa nataon'ny tenany koa,** *(les sacrements sont uniquement ceux qui ont été ordonnés et pratiqués par Jésus-Christ lui-même).* ***Naniraka ny mpianany hanao batisa Jesoa Kristy :*** «Efa nomena Ahy avokoa ny fahefana any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana ianareo, ataovy mpianatro ny firenena rehetra; ka ataovy batisa ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, sady ampianaro hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo. Ary indro Aho miaraka aminareo isan'andro vaky mandra-pahatongan'ny fiafaran'izao tontolo izao.» *Matio 28/19-20* ***Nanao batisa Jesoa Kristy*** (cf. *Jaona 3, 22*), ary ***Izy no nanorina sy niara-nandray ny Fanasan'ny Tompo tamin'ny mpianany*** (Il a institué et a pris avec ses disciples la Cène ) (cf. *Matio 26/ 26-29 ; Marka 14/22-25 ; Lioka 22/15-20 ; I Korintiana 11/23-26.)*

**③ *AHOANA NO ENTINTSIKA HANAZAVANA FA NY « SAKRAMENTA » DIA FAMANTARANA HITA MASO MANEHO NY FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA TSY HITA MASO (COMMENT EXPLIQUER QUE LES SACREMENTS SONT DES SIGNES DE LA GRÂCE DE DIEU ?)***

a) Tsy ohatra fotsiny ny Sakramenta, fa manambara amintsika ny fahasoavan'Andriamanitra izay omena marina tokoa ho antsika ao amin'i Jesoa Kristy. Ao ambadiky ny famantarana (signes) dia tsy maintsy misy mandrakariva ny tiana ambara (signifié). Fahitantsika mandrakariva, ohatra, eo anoloan'ny Lapan'ny Fitsarana ny sarin'ny mizana (balance) enti-manambara ny rariny sy ny fitoviana (la justice et l'équité). Ny ranomaso latsaka dia mariky ny alahelo sy ny fihetsehampo lalina tsaroan'ny olona iray. Koa ny sakramenta dia tsy sary an'ohatra fotsiny, na fomba natao hahatsiarovana zavatra na tranga iray, fa tena fankalazana sy fiainana mivantana mihitsy ny fanatrehan'i Kristy : mandray ny fiainam-baovao ao amin'i Jesoa Kristy ny olona atao batisa ; eo amin'ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo dia mandray ho an'ny tenany ny vokatry ny nahafatesan'i Kristy sy ny nitsanganany tamin'ny maty (le résultat de la mort et de la résurrection du Christ) isika. Kanefa, ny famantarana (les signes) tsy hahasolo na oviana na oviana izay ambara (le Signifié) fa mijanona ho endrika enti-maneho (symboles) ihany izany : ny rano amin'ny batisa dia mijanona ho rano ihany, ny mofo dia mofo foana, ay ny divay dia divay ihany. Tsy maintsy miezaka mandrakariva isika hametraka fanavahana hentitra amin'ny famantarana enti-manambara (signes) sy ny Ambara (Signifié). Azy irery ihany ary eo am-pelatanan'Andriamanitra irery ihany ny Fahasoavany, koa tsy azontsika hidìna ao anatin'ny famantarana hita maso. Tsy miasa ho an'ny tenany ny famantarana, izany hoe, tsy manana hery majika ho azy izy. Fa ny Fanahy masina miasa ao anatintsika ihany no mahatonga ny fahasoavana raisintsika amin'ny alalan'ny sakramenta (cf. *Epiclèse*).

b) Saika **ny ankamaroan'ny Protestanta**, amin'ny ankapobeny, dia samy **misalasala na tsy manaiky mihitsy aza ny « Konfirmasiona » ho isan'ny Sakramenta**.:

- Ho an'i ***Lotera***, ohatra, ny Konfirmasiona dia tahaka ny famaranana ny fahafantarana ny batisa ihany amin'ny finoana sy fahalalana (*parachèvement du baptême en matière de foi et de connaissance)*. Namporisika izy mba ho fanadinana tokana ihany no atrehina eo am-pamaranana ny fianarana sy fandalinam-pinoana, mialoha ny handraisana ny Fanasan'ny Tompo.

- Ho an'i ***Calvin*** indray (*izay tiako homarihina tsara fa tsy mpitondra fiangonana nianatra teolojia sy natokana, izany hoe tsy pretra na mpitandrina mihitsy izy, fa nijanona ho mpahay lalana sy mpikaroka raha nanoratra ny « Institution Chrétienne » izy*). Mampiavaka ny Calvinistes dia ny fanomezany lanja ny Lalàna sy ny Fitsipika izay matetika manamaivana ny fahalalana ny Soratra masina eo amin'ny fiainan'ny piangonana. Tian'i Calvin asolo ny Konfirmasiona ny fanadinana mifototra amin'ny fahalalana ny foto-pinoana, ny Fitsipi-pifehezan'ny Fiangonana, ary ny Soratra masina

- ***Bucer*** dia manome anjara toerana lehibe ny Konfirmasiona ho toy ny fanehoana ny finoana (profession de foi), fandraisan'ny tena andraikitra manokana eo amin'ny fiainana kristiana (engagement personnel), mais ne va pas jusqu'à en faire un sacrement.

d) Misy ankehitriny Teolojiana Protestanta mangataka mba hampidirina ho isan'ny Sakramenta koa ny « fanasan-tongotra » (lavement des pieds), satria sady nataon'ny Tompo mivantana izany, no nohafaranykoa mba hataon'ny mpianany : «Ianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo, ary marina ny filazanareo fa izany tokoa Aho. Koa raha Izaho Tompo sy Mpampianatra aza no manasa ny tongotrareo, ianareo samy ianareo koa dia mba tokony hifanasa tongotra. Eny, nomeko fianarana ianareo mba hanaovanareo toy ny nataoko taminareo.» <u>Jaona 13/13-15</u>. Fa tsy nataon'ny Fiangonana hatrany am-boalohany izany, fa ny sasantsasany ihany (toy ny Papa isaky ny Alakamisy masina ; ny Fifohazana ao amin'ny Fiangonana) no manao izany. Antony manahirana eo amin'ny pratika ve ? Sa tsy ampy fanetren-tena isika ?

④ ***<u>INONA NO METY HO FIVILIAN-DALANA NA FAKAM-PANAHY TOKONY HO TANDREMAN'NY FIANGONANA MBA TSY HAHATONGA AZY HO DISO HEVITRA MIKASIKA NY SAKRAMENTA ?</u> (Quelles sont les déviations qui peuvent induire l'Église en erreur en ce qui concerne les sacrements)***

➨Ny fahadisoana voalohany dia ny fanamaivanana ny anjara toeran'ny marika na famantarana hita maso, izay mahatonga hihevitra fa azo avela fa tsy ilaina akory ireo Sakramenta. Raha ho izany, dia Andriamanitra mihitsy izay nanorina ny Sakramenta no hatao tsinontsinona ka mety hiafara amin'ny fandavana Azy (*c'est Dieu lui-même qui a institué ces sacrements que l'on sous-estime et on finit par le renier*).
➨Ny fahadisoana faharoa dia ny fiheverana sy finoana fa mitovy sy iray ihany ny famantarana sy ny fahasoavan'Andriamanitra izay ambaran'izy ireo*(les signes et la*

*grâce de Dieu qu'ils signifient ne font qu'un).* Ny finoana fa mety hiasa ho an'ny tenany na manan-kery manokana ho azy ny Sakramenta dia mitondra ho amin'ny finoanoam-poana (*superstition*) sy endrika fanompoan-tsampy vaovao (*une nouvelle forme d'idolâtrie*). Ampitahao amin'izany ny fandraisana diso tafahoatra ny Baiboly ho Tenin'Andriamanitra ka manome hasina sy lanja manokana azy, manao tsinontsinona sy manamaivana ny asan'ny Fanahy masina mampahafantatra antsika ny sitrapon'Andriamanitra ambaran'ny teniny ao amin'ny baiboly. Tonga ataon'ny olona ho sampy ny Baiboly (*bibliâtrie*) ka iondanany, omeny hery ho azy ka heveriny fa mety hahasitrana, ary ampiasainy hianianana.

### ⑤ ***NY KONFIRMASIONA ETO AMIN'NY FPMA***

➡ Somary malalaka ihany ny fanomezan'ny FPMA lanja ny Konfirmasiona, ka tsy voahaja matetika ny faharetan'ny fotoana tokony hiofanana fa mbola samy manao an'izay mahamety azy ny Tafo tsirairay ; tsy mbola tena voafaritra mazava koa ny fandaharana ny lesona ianarana, ka matetika maka tahaka na manovo avy amin'ny fampianarana efa misy nataon'ny Fiangonana Protestanta hafa isika. Mampiasa ny voambolana hoe « Konfirmasiona » tahaka ny Loterana isika, fa manaraka ny Fiangonana Protestanta rehetra kosa, ka tsy mandray ny Konfirmasiona ho Sakramenta. Tsy misy rahateo ato amin'ny FPMA ny menaka voahasina (Sainte chrême) fampiasa amin'ny batisa sy ny Konfirmasiona.

➡ Takiana amin'ny Katekomena miomana horaisina ho Mpandray ny Fanasan'ny Tompo (antsoina koa toy ny fanaon'ny Katolika sy ny Loterana, hoe « Konfirmanda ») ny dinika mialoha ataon'ny Mpitandrina handray azy, mbamin'ny Fanekena ampahibemaso fa : *«Mino an'Andriamanitra Mpahary antsika sady Raintsika any an-danitra, Izay tia antsika ka nanome an'i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana Izay maty sy nitsangana tamin'ny maty ho famonjena antsika ; Mino an'i Jesoa Kristy Zanany, Izay manome famelan-keloka sy fiainana mandrakizay ho an'ny mpanota mibebaka ka manaiky Azy ho Tompo sy Mpamonjy ; manaiky ho an'ny tena ny faneken'ny Batisa, izay nandraisana ny fanomezan'ny Fanahy Masina, mba hizorana amin'ny lalan'ny fiainana kristiana, ka ho tia an'Andriamanitra sy hankato ny sitrapony ary hahatsiaro fa ny vavaka sy ny famakiana ny Baiboly ary ny famonjena ny fanompoam-pivavahana sy ny Fanasana Masina no adidy sady tombontsoan'ny mino ; Manaiky hanaja ny fahamasinana sy ny firaisan'ny Fiangonana ka tsy hanaiky ho taomina ho fitaovam-«pankorontanana, fa hanaja ny hevitra tapaky ny fivorian'ny Mpandray izay mikendry ny hahasoa ny fiombonana masina ».*

➡ Mila fitaizana lalim-paka sy mitohy ny mba tsy hahatonga ny Kristiana ato amin'ny FPMA hanamaivana na tsy hanaja ny akory Fanekena nataony. Eo amin'ny Fanekena amin'ny « Konfirmasiona », « Fandraisana Katekomena ho Mpandray ny Fanasan'ny Tompo », ohatra, voalaza mazava tsara fa ilay horaisina ho Mpandray dia « *manaiky ho an'ny tena ny faneken'ny Batisa, izay nandraisana ny fanomezan'ny Fanahy Masina, mba hizorana amin'ny lalan'ny fiainana kristiana, ka ho tia an'Andriamanitra sy hankato ny sitrapony ary hahatsiaro fa ny vavaka sy ny famakiana ny Baiboly ary ny famonjena ny fanompoam-pivavahana sy ny Fanasana Masina no adidy sady tombontsoan'ny mino* ». Firifiry ny Kristiana nafana fo teo am-

pandraisana azy, fa nihena tsikelikely ny faharisihany, ary voatariky ny fampianaran'ny antokom-pinoana mahay mandresy lahatra amin'ny fomba manaitra sy mampihetsi-po, ka mivadika ary manaiky averina hatao batisa indray ary tsy mahatsiaro ny hasarobidin'ny fahsoavana efa nomen'Andriamanitra azy. Ny olona ve sa Andriamanitra no omena anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainana kristiana iainana ao am-piangonana ?

➡.Atolotra ho asa lehibe miandry ny VFL ato amin'ny FPMA ny fandrafetana Litorjy miainga amin'ny foto-pinoana ekena mba hampiharina ato amin'ny FPMA. Ilaintsika ve ny fampiasana « menaka voahasina » ? Mila fampiofanana manokana koa izay rehetra hitaiza ny vahoakan'Andriamanitra handalina ny finoany, sao sanatria « jamba » voalazan'ny Tompo ao amin'ny *Matio 23/16-219 :* «Mampalahelo ianareo, ry mpitari-dalana jamba! Fa hoy ianareo hoe: Raha misy mianiana amin'ny Toeramasina, dia tsy voafehin'ny fianianany velively; fa raha misy mianiana amin'ny volamena raketin'ny Toeramasina, dia voafehin'ny fianianany. Tsy misaina sady jamba ianareo! Inona no mendri-kaja kokoa, ny volamena sa ny Toeramasina izay mahamasina ny volamena? Ary hoy koa ianareo hoe: Raha misy mianiana amin'ny alitara, dia tsy voafehin'ny fianianany velively; fa raha misy mianiana amin'ny fanatitra eo ambony alitara, dia voafehin'ny fianianany. Tsy misaina sady jamba ianareo! Inona no mendri-kaja kokoa, ny fanatitra sa ny alitara izay mahamasina ny fanatitra?» , na alaim-panahy hirehareha koa isika Kristiana mihevi-tena ho efa mijoro tsara, ka ampitandreman'ny Tompo Jesoa Kristy toy ireo Fariseo nihevi-tena ho tanteraka kokoa amin'ny fanajany araka ny sainy ny didin'Andriamanitra, araka ny *Jaona 9/41*, hoe: «Raha jamba ianareo, dia tsy ho nanan-keloka; fa noho ianareo ankehitriny manao hoe: Mahiratra izahay, dia tsy afaka ny helokareo».

Brétigny sur Orge, 22 janoary 2019

© *Rev. Dr Jean ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA*